Fiadidiana Voalohany: "Ry rahavavy, matokia ary miankina amin'ny Fanahy. Rehefa mandray ireo fahafahana hanao zavatra rehetra misy eo amin'ny fiainanareo andavanandro ianareo ary mamorona zavatra feno fahatsarana sy mitondra fanampiana, dia tsy ny tontolo manodidina anareo ihany no hatsarainareo fa ny tontolo ao anatinareo ihany koa."[5]

Ann M. Dibb, mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany: "Ireo zavatra kely sy tsotra izay safidianareo ho atao anio dia ho ampitomboina ho lasa fitahiana lehibe sy be voninahitra rahampitso."[6]

Elaine S. Dalton, filohan'ny Zatovovavy maneran-tany: "Moa ve ny zatovovavy marina iray afaka manova izao tontolo izao? Ny valiny dia eny manakoako! . . . Ireo zavatra ataonao isan'andro tsy tapaka no hampatanjaka anao mba hahatongavanao ho mpitondra sy ho ohatra—ny vavaka isan'andro, ny fandalinana soratra masina isan'andro, ny fankatoavana isan'andro, ny fanompoana ny hafa isan'andro. Rehefa manao ireo zavatra ireo ianareo, dia hanakaiky ny Mpamonjy ary dia hitovy bebe kokoa Aminy."[7]

Filoha Thomas S. Monson: "Ry tanora namako, mahereza. Fantatrareo izay tsara sy izay ratsy, ary tsy misy fanaingoana, na dia manintona toy ny ahoana aza, afaka manova izany [fahamarinana] izany. Raha ireo izay antsoina hoe namanareo no mamporisika anareo hanao na inona na inona zavatra fantatrareo fa ratsy, aoka ianareo no ireo izay hijoro ho an'ny tsara, eny na dia ho irery aza ianareo."[8] ■

FANAMARIHANA

1. Thomas S: Monson, "May You Have Courage," *Liahona*, Mey 2009, 127.
2. Elaine S; Dalton, "Come Let Us Go Up to the Mountain of the Lord," *Liahona*, Mey 2009, 121.
3. Henry B. Eyring, "Walk in the Light," *Liahona*, Mey 2008, 125.
4. Mary N. Cook, "A Virtuous Life—Step by Step," *Liahona*, Mey 2009.
5. Dieter F. Uchtdorf, "Happiness, Your Heritage," *Liahona*, Nôv. 2008, 119.
6. Ann M. Dibb, "Be Thou an Example of the Believers," *Liahona*, Mey 2009, 116.
7. Elaine S. Dalton, "It Shows in Your Face," *Liahona*, Mey 2006, 109.
8. Thomas S. Monson, "Examples of Righteousness," *Liahona*, Mey 2008, 65.

Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ny Fiainana Feno Fahasambarana Mandrakizay ho Anao

Manolotra anao ny fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezana rehetra ny Ray any an-danitra dia ny—fiainana mandrakizay—sy ny fahafahana handray fitahiana tsy manam-petra amin'ny "fiainanao amimpahasambarana mandrakizay."

Ry rahavavikely malalako maneran-tany, feno fankasitrahana aho ary voninahitra ho ahy ny miaraka aminareo eto anio. Tia anareo ny Filoha Thomas S. Monson sy ireo mpitondra rehetra ato am-piangonana. Mivavaka ho anareo izahay ary mifaly noho ny fahatokianareo.

Nandritra ny taona maro no efa nandrenesako fiteny mahafinaritra maro—izay samy mahavariana sy mahasondriana avy; samy manana ny hatsarany mampiavaka azy avy. Kanefa na dia manana ny fahasamihafany aza ireo fiteny ireo dia matetika misy zavatra iraisany. Ohatra, amin'ny fiteny maro isan-karazany dia ataoko angamba fa samy manana ity andian-teny mahagaga sy mirakitra fampanantenana lehibe ity manerana an'izao tontolo izao. Izany teny izany dia ny hoe: "Indray andro hono."

Moa ve tsy teny mahatalanjona izany hanombohana tantara iray? Mampanantena zavatra ny "Indray andro hono": tantara iray mampitebiteby sy tantaram-pitiavana, tantaran'ny zanakavavy sy zanakalahin'ireo Mpanjaka. Mety ahitana tantara feno herimpo, sy fanantenana ary fitiavana maharitra mandrakizay izany. Amin'ny ankamaroan'ireo tantara ireo dia ny tsara fanahy mandresy ny ratsy toetra ary ny tsara mandresy ny ratsy. Fa ny tena tiako indrindra angamba, dia rehefa mamadika ny pejy farany isika ka miantefa any amin'ilay teny famaranana ny masontsika, ary mahita ilay teny

mamy hoe: "Ary dia niaina tamim-pahasambarana mandrakizay izy ireo."

Moa ve tsy izany ny faniriantsika rehetra: ny mba ho mahery fo sy ho ain'ny tantarantsika manokana; mba handresy ny fanoherana; mba hiaina fiainana amin'ny endriny mahafinaritra rehetra; ary, amin'ny farany dia hiaina amim-pahasambarana mandrakizay?

Anio dia te-hisintona ny sainareo amin'ny zavatra manan-danja be sy miavaka tokoa aho. Ao amin'ny pejy voalohan'ny bokinareo *Fivoaran'ny Tena Manokan'ny Zatovovavy* dia misy ireto teny ireto: "Zanakavavin'ny Ray any an-danitra izay tia anao ianao, nomanina mba ho tonga eto an-tany amin'izao fotoana manokana izao, noho ny tanjona masina sy be voninahitra."[1]

Ry Rahavavy, Marina ireo teny ireo! Tsy teny ampiasaina amin'ny angano ireo! Moa ve tsy mahavariana ny mahalala fa ny Raintsika mandrakizay any an-danitra dia mahafantatra anao, mandre anao, mitsinjo anao, ary tia anao amin'ny fitiavana tsy misy fetra? Raha ny marina ny Fitiavany anao dia lehibe tokoa ka nanome anao ity fiainana antany ity Izy ho fanomezana sarobidy amin'ny "Indray andro hono," dia tohizo amin'ny tantara marina an'ny tenanao izany izay tebiteby, fitsapana, ary fahafahana ho tonga olona manandanja, vanona, be herimpo sy fitiavana. Ary, indrindra indrindra, manome anao fanomezana lafo vidy sy tsy takatry ny saina Izy. Manolotra anao ny fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezana rehetra ny Ray any an-danitra dia ny—fiainana mandrakizay—sy ny fahafahana handray fitahiana tsy manam-petra amin'ny "fiainanao amim-pahasambarana mandrakizay."

Kanefa tsy tongatonga ho azy ny karazana fitahiana toy izany. Tsy hoe maniry izany ianao dia homena fotsiny izany. Ny hahazoana izany dia tsy misy afa-tsy amin'ny alalan'ny fahatakarana ny hoe iza ianao ary inona no tokony hahatongavanao mba ho mendrika izany fanomezana izany.

Ampahany Ao amin'ny Dia ny Fitsapana

Eritrereto fotoana fohy ny angano ankafizinao indrindra. Ao amin'izany tantara izany dia mety ho zanakavavin'ny Mpanjaka na mpamboly kely no

ain'ny tantara. Mety ho zazavavin-drano na zazavavy mpitery ronono na zazavavy manan-karena iray na mpanompovavy. Zavatra iray no mampitovy azy rehetra ireo: tsy maintsy mandresy fitsapana izy ireo.

I Cendrillon izao dia niaritra ny haratsian-toetran'ny renikeliny sy ireo rahavaviny ratsy fanahy izay hafa reny aminy. Voatery niaritra fanandevozana sy fanarabirabiana lavareny izy.

Ao amin'ny "La Belle et la Bête" (Ilay Zazavavy Kanto sy ilay Bibidia), i Belle dia lasa babon'ny bibidia mampihorikoditra mba hanavotany ny rainy. Nahafoy ny tokantranony sy ny fianakaviany izy, izay rehetra sarobidy tamin'ny, ka nijanona volana maro tao amin'ny lapaben'ilay bibidia.

Ao amin'ny angano "Rumpelstiltskin," (Le Nain Tracassin), dia nampanantena ny mpanjaka ilay mpitoto koba mahantra fa ny zanany vavy dia afaka manova ny mololo ho volamena. Nampaniraka haka an'ilay zazavavy avy hatrany ny mpanjaka ary nanidy azy tao amin'ny efitrano feno mololo niavosa be sy milina famolesana. Taty amin'ny faran'ny tantara dia niatrika loza izy amin'ny mety ho fahafatesan'ny zanany voalohany raha toa ka tsy mahay mamantatra ny anaran'ilay zavamanan'aina mahagaga izay nanampy azy tamin'izany asa tsy vitan'olombelona tsotra izany.

Tao amin'ireto tantara tsirairay ireto dia samy niaina alahelo sy fitsapana avy i Cendrillon, i Belle, ary ny zanakavavin'ilay mpitoto koba talohan'ny nahatongavany tamin'ny fiainany "feno fahasambarana mandrakizay." Diniho anie izany e! Moa ve efa mba nisy olona izay tsy nila namakivaky ny lohasaha maizin'ny fakam-panahy sy ny fitsapana ary ny fahoriana?

Teo anelanelan'ny "Indray andro hono," sy ny "Fahasambarana mandrakizay" niainan'izy ireo dia nandalo fizahan-toetra goavana daholo izy ireo. Nahoana no tsy maintsy miatrika alahelo sy loza ny rehetra? Nahoana no tsy afaka miaina fiainana feno fahasambarana sy fiadanana isika ka ho heniky ny zava-mahatalanjona sy fifaliana ary fitiavana ny androntsika tsirairay?

Ny soratra masina dia milaza amintsika fa tsy maintsy ilaina ny fifanoherana amin'ny zava-drehetra fa raha tsy misy izany dia tsy afaka ny hamantatra ny mamy ao anatin'ny mangidy isika.[2] Moa ve hahatsapa ny fifaliana amin'ny fahavitana hazakazaka ny mpanao hazakazaka lavitr'ezaka iray raha toa ka tsy mahatsapa fanaintainana mandritra ny ora maro amin'ny fanaovana ezaka mihoatra ny fetrany izy? Moa ve hahatsapa fifaliana ny mpitendry piano amin'ny fifehezana ny mozika sarotendrena iray raha tsy nandany ora maro nanaovana fanazarana?

Na eo amin'ny tantara na eo amin'ny fiainana dia mampianatra antsika zavatra izay tsy azontsika ianarana amin'ny fomba hafa ny fitsapana. Manampy ny fitsapana mba hananana toetra mafy orina izay tsy ho azo amin'ny fomba hafa. Nanao tontolo feno fanamby sy fitsapana ny Raintsika any an-danitra be fitiavana mba hahafahantsika, amin'ny alalan'ireo fifanoherana, hianatra fahendrena, sy hatanjaka ary hiaina fifaliana.

Mamelà ahy ianareo hizara zavatra niainako manokana fony aho tanora raha nanatrika ny fiangonana tao Francfort, Alemàna ny fianakavianay.

Indray Allemagne dia nitondra fianakaviana vaovao izay mbola tsy hitako ny misiônera mba hanatrika ireo fivorianay. Reny iray niaraka tamin'ny ny zanany vavy roa manjakely izany. Hoy aho

tao an-tsaiko hoe tena niasa, ary tena nahay niasa tsara ireo misiônera.

Zanakavavy iray izay mainty volo tsara tarehy be sy baribary maso. I Harriet no anarany, ary toa raiki-pitia taminy aho raha vantany vao nahita azy. Nampalahelo fa toa tsy nanana fahatsapana toy izany ity zatovovavy tsara tarehy ity. Nanana namana zatovolahy maro izay te-hahafantatra azy izy hany ka nanomboka nanahy aho hoe tsy mba handray ahy ho olon-kafa afa-tsy ho toy ny namana fotsiny ihany izy. Kanefa tsy navelako hahakivy ahy izany. Nahita fomba maro aho izay nahafahako mankany amin'izay toerana rehetra misy azy. Rehefa mizara ny Fanasan'ny Tompo aho dia nataoko izay hahatonga ahy ho ilay hanolotra aminy ny Fanasan'ny Tompo.

Rehefa misy fiaraha-mientana manokana any am-piangonana dia mandeha amin'ny bisikiletako mankany an-tranon'i Harriet aho ary mampaneno ny lakolosy eo am-baravarany. Mazàna dia ny renin'i Harriet no mamoha varavarana. Raha ny marina dia manokatra ny varavarakelin'ny lakoziany izay teny amin'ny rihana fahaefatra izy ary manontany izay tadiaviko. Dia manontany aho raha te-ho any ampiangonana handeha bisikileta hiaraka amiko i Harriet. Mamaly ny renin'i Harriet hoe: "An, an, an, rehefa kelikely izy vao handeha fa tsy mampaninona ahy ny miaraka mandeha bisikileta aminao ho any am-piangonana." Tsy izany loatra no tao an-tsaiko kanefa amin'ny fomba ahoana no hahafahako handà?

Ka dia mitaingina ny bisikiletako mankany am-piangonana izahay. Tsy haiko ny tsy hiteny fa nanana bisikileta tsara be aho. Nipetraka teo amin'ilay vy eo anoloako teo anelanelan'ny seza sy ny familiana ny renin'i Harriet ary niezaka ny ho mpamily faran'izay mahay indrindra aho tamin'ireo lalana vatovato mikintoantona.

Nandeha ny fotoana. Raha niaraka tamin'ny zatovolahy maro i Harriet dia tsy nisy fivoarana kosa ny momba ahy sy izy.

Diso fanantenana ve aho tamin'izany? Eny.

Nanaiky ho resy ve aho? Tsia!

Amin'izao fotoana izao aho dia mahatsapa fa tsy mampaninona mihitsy ny tsara resaka amin'ny renin'ny tovovavy izay andriandrian'ny sainao.

Taona maro taty aoriana, taorian'ny nahavitako ny fiofanako ho mpanamory fiaramanidina an'ady tao amin'ny tafika ana habakabaka dia nisy fahagagana niavaka nitranga vokatry ny fihontihontiako tsy tapaka tamin'i Harriet. Indray andro dia nilaza izy hoe: "Dieter a! Tena nihamatotra ianao nandritra izay taona lasa maromaro izay."

Tsy nitavozavoza intsony aho taorian'izany ka tao anatin'ny volana vitsivitsy dia nalaiko vady ilay vehivavy tiako hatramin'ny fotoana voalohany nahitako azy. Tsy mora ny zavatra nolalovana—nisy fotoana nijaliana sy nahakivy—kanefa tamin'ny farany dia safononoka ny fahasambarako ary mbola mitohy izany sady miha-tsaratsara kokoa hatrany.

Ry rahavavikely malalako, tokony ho fantatrao fa hiatrika ny fitsapanao manokana ianao. Tsy misy afa-miala amin'izany. Hijaly ianao, ho alaina fanahy ary ho solafaka. Hianatra mivantana ho an'ny tenanao ireo zavatra nianaran'ny mpihazona ny ain'ny tantara iray ianao: fa amin'ny fandresena ny fanamby no fitomboana sy fahatanjahana.

Ny fihetsikao manoloana ny fitsapana no mamaritra ny fivoaran'ny tantaran'ny fiainanao fa tsy ilay fitsapana.

Misy aminareo ireo na dia mbola tanora aza no efa nijaly tamin'ny fahoriana sy alahelo mafy. Heniky ny fangorahana sy fitiavana anareo ny foko. Tena sarobidy ianareo ho an'ny Fiangonana. Tena tian'ny Rainareo any andanitra ianareo. Na dia toa irery aza ianao, mitantana anao ireo anjely. Na dia toa mahatsapa aza ianao fa tsy misy olona mahatakatra ny halalin'ny fahadisoam-panantenanao, Jesoa Kristy Mpamonjy antsika dia mahatakatra izany. Nijaly mafy mihoatra noho ny azontsika eritreretina Izy ary nanao izany ho antsika Izy. Nanao izany ho anao Izy. Tsy irery ianao.

Raha toa ianao mahatsapa fa tsy zakanao ny enta-mavesatrao, dia hampitrakao any amin'ny Rainao any andanitra ny fonao fa Izy hanohana sy hitahy anao. Hiteny aminao Izy, tahaka ny nolazainy tamin'i Joseph Smith hoe: "Ny fahoria[nao] sy ny fijalia[nao] dia tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy; ary rehefa izany, raha iareta[nao] tsara izany, dia hanandratra [anao] amin'ny avo Andriamanitra."[3]

Tsy ny faharetana amin'ny fitsapana ihany no zavatra tokony hatrehinao raha te-hiaina fiainana feno fifaliana ianao. Aleo averiko indray: ny fihetsikao manoloana ny fitsapana sy ny fakam-panahy no tena mamaritra ny ho fahatongavanao na tsia amin'ny "fahasambaranao manokana mandrakizay."

Mitoera ho Mahatoky amin'ny Zavatra izay Fantatrao fa Marina

Ry zatovovavy tanora, zatovovavy malala, mitoera ho marina amin'ny zavatra fantatrareo fa marina. Na inona na inona jerenao amin'izao andro izao dia hahitana fampanantenana ho sambatra daholo. Ny dokam-barotra amin'ny gazetiboky dia mampanantena fifaliana feno raha toa ianao ka mividy fotsiny akanjo iray, na savony manitra iray fanasam-bolo na entana iray fampihaingoana tarehy. Misy mpamokatra fandaharana ara-tserasera maro manao izay hanintonana amin'ny faharatsiana na izay manaitra ny filàna araka ny nofo. Matetika ireo olona ireo ihany no dokadokafana ho fakan-tahaka amin'ny lafiny fahombiazana sy fahatontosana.

Indraindray dia sarotra ny mahafantatra ny fahamarinana eto amin'ity izao tontolo izao ity izay mamadika ny endriky ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy. Amin'ny lafiny iray dia toa ireny zavatra nahavaky saina an'ilay Petit Chaperon Rouge (Zazavavy Kely Miakanjo Mena) namangy ny renibeny ireny: rehefa tsy azonao antoka tsara izay zavatra hitanao hoe ny renibenao izay tianao ve sa ambodia mampidi-doza?

Nandany fotoana maro tao amin'ny faritra misy ny masinina fanamoriana ny fiaramanidina aho. Ny andraikitro dia manao izay hahatongavan'ny fiaramanidina lehibe iray miala avy amin'ny toerana iray na aiza na aiza manerana an'izao tontolo izao ho any amin'ny tanjona tian-kaleha. Fantatro tsy amimpihambahambana fa raha avy aty no ho any Rome, dia mila manamory miatsinanana aho. Raha toa misy olona sasany miteny amiko fa tokony hanamory mianatsimo aho dia fantatro fa tsy marina ny noteneniny. Tsy hahatoky izany aho satria fantatro tanteraka izany. Tsy misy fandresen-dahatra, tsy misy fandokadokafana, fanambatambazana, na fampitahorana afaka handresy lahatra

ahy hoe raha manamory mianatsimo dia ho tonga amin'ny tanjona tiankaleha satria fantatro izany.

Samy mikaroka ny fahasambarana isika rehetra ary samy miezaka ny hahita ny "fahasambarana manokana mandrakizay" ho antsika tsirairay avy. Ny marina dia hoe: Fantatr'Andriamanitra ny fomba hahatongavana any! Ary nanomana sarin-tany ho anao Izy. Hainy ny lalana. Rainao any an-danitra be fitiavana izay mikatsaka ny tsara sy ny fahasambarana ho anao Izy. Maniry Izy amin'ny fitiavana rehetra avy amin'ny Ray tonga lafatra sy lavorary ny mba hahatratraranao ny tanjona masinao. Natao ho an'ny rehetra ilay sarin-tany. Izany dia mamaritra mazava ny torolalana amin'ny zavatra ho atao sy ny lalana haleha ho an'ireo izay miezaka ny hanatona an'i Kristy sy "hijoro ho [vavolombelon'] Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra"[4]. Ny zavatra hany ataonao dia ny matoky ny Rainao any an-danitra. Matoky Azy ka hanaraka ny Drafiny.

Kanefa tsy ny rehetra no hanaraka izany sarin-tany izany. Mety hanopy maso izany izy ireo. Mety hieritreritra izy ireo fa toa tsara, eny marina mihitsy aza izany. Kanefa tsy hanaraka ireo torolalana masina izy ireo. Maro no mino fa izay lalana rehetra diavina dia hitondra any amin'ny "fahasambarana mandrakizay mandrakizay." Mety hisy ho tezitra mihitsy aza rehefa misy olonkafa izay mahafantatra ny lalana ka manandrana manampy. Mieritreritra izy ireo fa lany andro sy tsy misy fotony ary tsy mifanaraka amin'izao andro izao izany torolalana izany.

Ry rahavavy, diso izy ireo.

Ny Filazantsara no Lalana mankamin'ny Fahasambarana Mandrakizay Mandrakizay

Azoko tsara fa misy fotoana mety manontany tena ny sasany amin'ny antony hanatrehana ireo fivoriampiangonana, na ny antony mahazava-dehibe ny famakiana ny soratra masina tsy tapaka na ny vavaka amin' ny Raintsika any an-danitra isan'andro. Izao no valiny omeko: Manao izany ianareo satria ampahan'ny lalana nomanin'Andriamanitra ho anareo izany. Ary izany lalana izany no hitondra anareo

any amin'ny "fahasambarana mandrakizay mandrakizay" izay tanjonareo.

Ny hoe "Fahasambarana mandrakizay mandrakizay" dia tsy zavatra hita amin'ny angano fotsiny ihany. Afaka hanana izany ianao! Ho anao izany! Kanefa tsy maintsy manaraka ny sarintany nosoritan'Andriamanitra ianao.

Ry Rahavavy isany, meteza handray ny filazantsaran'i Jesoa Kristy! Mianara ho tia ny Rainao any an-danitra amin' ny fonao rehetra, ny sainao rehetra ary ny eritreritrao rehetra. Fenoy fahamasinana sy fanahinao manontolo ary tiavo ny fahatsaran-toetra. Miezaha mamoaka ny toetra tsara indrindra izay ao aminao sy ao amin'ny hafa.

Mianara manaiky sy manaraka ireo tarigetran'ny Zatovovavy. Iaino ny fitsipika ao amin'ny *Ry Tanora, Mahereza*. Hitarika anao amin'ny "fahasambarana mandrakizay mandrakizay" ho anao izany fitsipika izany. Ny fiainana ireo fitsipika ireo dia hanomana anao hanao fanekempihavanana masina any amin'ny tempoly ary hanorina lova maneho fahatsaran-toetra eo amin'ny toe-javatra iainanao manokana. "Mitsangàna eo amin'ny toerana masina, . . . ary aoka tsy hoesorina."[5] na inona na inona fakam-panahy na olana mitranga. Mampanantena anao aho fa ho feno fankasitrahana anao ireo taranaka ho avy ary hankalaza ny anaranao noho ny herim-po sy fahatokiana nasehonao teo anoloan'ity fiainana sarotra iainanao ity.

Ry rahavavikeliko malala—ianareo izay mitoetra eo amin'ny fahamarinana, ianareo izay mikatsaka ny fahatsaran-toetra, ianareo izay niditra ny ranon'ny batisa sy mandeha amin'ny lalan'ny Tompo—ny Raintsika any an-danitra dia nampanantena fa "elatra no hiakara[nareo] tahaka ny voromahery; hihazakazaka [ianareo] nefa tsy ho sasatra; handeha nefa tsy ho reraka."[6] Tsy "ho voafitaka ianareo."[7] Hitahy sy hampiroborobo anareo Andriamanitra.[8] "Ny vavahadin'ny helo dia tsy haharesy anareo; . . . eny ny Tompo Andriamanitra dia hampihahaka ny herin'ny haizina eo anoloanareo, ary hampihozongozona ny lanitra mba ho soa ho anareo sy ho voninahin'ny anarany."[9]

Ry rahavavy, tianay ianareo. Mivavaka ho anareo izahay. Mahereza sy matanjaha. Tena zanakavavy manana fanahin'ny mpanjakavavin'Andriamanitra Tsitoha ianareo. Zanakavavin'ny Mpanjaka ianareo ary voatokana ho tonga Mpanjakavavy. Efa niantomboka ny tantara mahatalanjona anareo manokana. Ankehitriny no "Indray andro hono-" nareo.

Amin'ny maha-Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo ahy no hametrahako ny tsodrano sy hanomezako fampanantenana anareo fa rehefa manaiky sy miaina ny hasina sy fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny ianareo dia, "ho vonona hanamafy orina ny tokantrano sy ny fianakaviana [ianareo], hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina, handray ireo ôrdônansin'ny tempoly, ary hifaly amin'ireo fitahian'ny fisandratana."[10] Ho avy ny andro, rehefa hamadika ilay pejy farany eo amin'ny tantaranareo manokana ianareo, dia hamaky sy hiaina ny fahatanterahan'ireo teny mahagaga sy mirakitra fampanantenana lehibe hoe: "Ary dia niaina tamimpahasambarana mandrakizay izy ireo." Izany no hijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Young Women Personal Progress (bokikely, 2009), 1.
2. Jereo 2 Nefia 2:11, 15.
3. Fotopampianarana & Fanekempihavanana 121:7–8.
4. Môsià 18:9
5. Fotopampianarana & Fanekempihavanana 87:8.
6. Isaia 40:31.
7. Joseph Smith—Matio 1:37.
8. Jereo Môsià 2:22–24.
9. Fotopampianarana & Fanekempihavanana 21:6.
10. *Young Women Personal Progress*, 3.